# Ilay Voa Tsara Nafafy 28 Novambra 2018

**28** **Alarobia** novambra

**Andriamanitra no aro sy hery ho antsika ; Mpamonjy mora azo indrindra amin'ny fahoriana Izy.**
Salamo 46. 1

**Jehovah ô, ... izaho ... hihoby ny famindramponao ... satria fiarovana avo ho ahy Ianao, ary fandosirako amin'ny andro fahoriana.** Salamo 59. 8, 16

**Fialofana**

Indray maraina ny gazety dia nitantara zava-dza nitranga tany amin'ny tendrombohitra Mont Blanc : nisy mpananika tendrombohitra efatra tratra-na tafiodrivotra mahery, efa ho 4000 metatra ambonin'ny ranomasina. Nohajambain'ny ranomandry izy ireo, jihitry ny hatsiaka, notohain'ny rivotra mahery, no niezaka hanatratra fialofana, 100 metatra erỳ ambany. Roa tamin'izy ireo ihany no tafita, reraka tanteraka. Ela tatỳ aoriana vao hita ny roa hafa, maty voatsindrin'antontandranomandry matevina.

Rehefa iharana tafiodrivotra isika eo amin'ny fiainantsika (aretina, fahafatesana, tsy fananana asa, fisarahana), dia aiza no mitady fialofana ? Any amin'ny zava-pisotro mahamamo ve, sa any amin'ny zava-mahadomelina ? Any amin'ny fanadinoana ve no manary dia, mampitombo ny asa aman-draharaha atao sy ny fialamboly ? Nefa aorianan'izany dia ahoana ? Rehefa afaka izany, dia tafaverina eo amin'izay niaingana ihany indray, eo anoloan'ny zava-misy : mbola eo hatrany ilay tafiodrivotra.

Koa iza àry no tena afaka hanampy antsika ? Taomin'Andriamanitra isika hialoka ao amin'Ilay te hitantana ny toejavatra eo amin'ny fiainantsika, dia ao aminy ihany, Izy Andriamanitra mihitsy. Tamin'ny fotoana rehetra, io Andriamanitra feno fangoraham-po io dia nanohana sy nampiarina olona namoy fo. Rehefa nitoky tamin'Andriamanitra izy ireo, dia nahita hery hiatrehany ny zava-tsarotra, nahita dikany vaovao ho an'ny fiainany nisafotofoto, nahita ihany koa antony hanantenana.

Raha ao anaty fikorontanana tanteraka ianao, manatòna an'Andriamanitra am-po malemy, an-kitsimpo, am-pinoana ; dia avelao Izy hiasa. Fantany ny toejavatra eo amin'ny fiainanao, ary tiany homena fiadanana ianao... tiany homena ilay fihavanana amin'Andriamanitra.